# MANEHO FIAINGANA MAMPIASA PREPOSITION "from"

Ny “from” dia fampiasa matetika amin’ny teny anglisy. Etina maneho fiaingana na fiatombohana no tena ampiasana azy ao anaty fehezanteny ary azo adika amin’ny teny Malagasy amin’ny hoe “avy any”, “avy amin’ny”, na “manomboka amin’ny”.

Misy ohatra maromaro eto ambany ho fanampiana ny fanazavana mahakasika ny fampiasana azy:

Examples:

- Where are you from?/ Avy aiza ianao?
- I come from England./ Avy any Angletera aho.
- This train is from London./ Avy any London ity Lamasinina ity.
- We get our vegetables from the farmers’ Market. They’re really fresh./ Avy eo amin’ny tsenan’ny tantsaha no ividiananay legioma ka mbola vaovao tsara.
- Cheese is made from milk./ Vita avy amin’ny ronona ny fromazy.
- You can choose from those fruits on the table./ Afaka misafidy amin’ireo voankazo eo ambony latabatra ireo ianao. (arabakiteny: misafidy avy amin’ireo voankazo…)
- Would you get me a knife from the drawer?/ Mba azonao omena antsy ao anaty vata sarihina ve aho? (arabakiteny: avy ao anaty vata sarihana)
- That is Mr Johnson, from the Winner’s Company./ Izy no Mr Johnson, avy ao amin’ny Winner’s Company.
- I hear the cry of wild animals from the forest in the morning./ Maheno feom-bibidia avy any anaty ala aho amin’ny maraina.
- The exhibition takes place from 1.30 pm on Sunday./ Manomboka amin’ny 1ora sy 30min ilay fampiratiana amin’ny alahady.

Azo ampiarahina amin’ny preposition “to” ny “from” raha toa ka hanehoana faharetana na elanelan-toerana voafaritra mazava, na miaraka ami’ny“until” ihany koa entina maneho faharetana voafaritra, ka toy izao no endriny ao anaty fehezanteny:

- I work **from** 9 **to** 5 every day./ Miasa manomboka amin’ny 9 ka hatramin’ny 5 aho isanandro.
- We stay in a hotel **from** Monday **until** Friday./ Manomboka alatsinainy ka hatramin’ny zoma izahay no mijanona ao amin’ny hotel.
- It always rains **from** October **until** April./ Avy foana ny orana manomboka Oktobra ka hatramin’ny Aprily.
- How long does it take **from** Paris **to** Dakar?/ Manao ahoana ny halavirana avy ao Paris mankany Dakar?
- It takes me 15 minutes **from** my house **to** my workplace./ 15 minitra ny làlako miala ao amin’ny tranoko mankany amin’ny toeram-piasana.
- Can you walk **from** Tana **to** the airport?/ Afaka mandeha tongotra miala eto Tana ka hatreny amin’ny aéroport ve ianao?

Ireto misy fomba fiteny fahita matetika ampiasana ny preposition “from”:

**from time to time/ indraindray**

- I think of her from time to time./ Miheritreritra azy ihany aho indraindray.

**from now on, as from now/manomboka izao**

- From now on I will live here./ Manomboka izao aho hipetraka eto foana.

Mr Parany 034 41 530 54